## FETIN'NY MPIOMPY OMBY TAMPON'IHOROMBE

Ny zoma 17 Jolay izao no hanatanteraka FETY LEHIBE ao NANARENA, commune Ambatolahy, distrika Ihosy, faritra Ihorombe, ny Fikambanan'ny Mpiompy Omby Tampon'Ihorombe sy ny Komity Miaro ny Tany Tampon'Ihorombe izay handraisan'ny fokonolona rehetra eo amin'ny manodidina anjara ary hatrehin'ny manam-pahefana isa-tsokajiny.

Ny zava-kendren'ity hetsika lehibe ity dia **fanomezana lanja ny omby amin'ny maha-harena ara-toe-karena, ara-kolotsaina ary ara-pomban-drazana sy eo amin'ny ho avin'ny taranaka.** Hisy adi-hevitra sy fifanakalozana mahakasika ny Hoavin'ny omby sy ny Fiarovana ny Tanin'omby.




Tompo-marika sy miara-mandrindra ity lanonana ity ny **Fikambanan'ny Mpiompy Omby Tampon'Ihorombe** nijoro tamin'ny taona 2024, izay vao nanavao ny Birao mpitantana ny volana Mey 2026 ka olona 4 no filohany amin'izao fotoana izao dia Andriamatoa isany Lonaky IJO ARMAND, TATARASOA dit Tsimeky, REMI ary BOBA Bernard.






sy ny **Komity Miaro ny Tany Tampon'Ihorombe** izay najoron'ny raiamandreny tao Ambatolahy tamin'ny taona 2019 fa misandrahaka amin'ny communes Satrokala sy Andiolava koa ankehitriny.

Faly mampahafantatra ny fisian'ity hetsika ity ary mirary fifaliana sy fahombiazana feno ho an'ny fokonolona sy mpanotrona rehetra ireo fikambanana mpiara-miasa sy mpifanohana amin'izy ireo :

16 Jolay 2026

BIMTT –  Birao Ifandraisan’ny Mpampiofana eo amin’ny Tontolon’ny Tantsaha
Collectif TANY -  Fikambanana TANY miaro ny tany malagasy
SIF  -  Sehatra Iombonana ho an’ny Fananantany